

Ary hoy Andriavahoabesofina hoe: "Ny velona no ho anay, fa ny maty tsy namana intsony." (Izany, hono, no nanaovan' ny olona hoe: "Ny maty tsy namana.") Ary dia hoy Ibonia: "Ny fanjakanao dia oneno hiány, ry Andriavahoabesofina, fa izaho hody any Iliolava hiány, hitendra an' Iampelasoamananoro."

Dia nody nankany Iliolava Ibonia, fa any no fonenany. Fa iley akondro nambolen' Ibonia tany ala-tranon-dRasoabemanana dia tsara faniry, ka nahazo toky hiány reniny, ka dia faly; fa fantany, fa velona hiány ny zanany, fa tsy maty tsy akory.

Ary nony hita tao amy ny ony Mananivo Ibonia mivady, dia nokapohin' Ibonia ny kilangaly ny rano, ka hoy izy: "Ity rano ity—ny any arà tsy mivalana, ary ny any ava tsy miorika, ka misavá ny rano eto am-po-voany, mba hitán' Ibonia mivady." Dia niseho ny fasika, fa nisava ny rano; dia nandeha tany ny fasika toy ny tany maina izy mivady,—ka dia tonga soa aman-tsara tany Iliolava izy. Dia nifaly sy nanao fanasan-dehibe ny rainy aman-dreniny, ary ny vahoaka.

Ary ny andro izay nivadian' Ibonia sy Iampelasoamananoro dia tokony ho folo taona. Ary nony tokony ho telo-taona sisa no tsy hahafatesan' Ibonia, dia nanafatra ny rainy aman-dreniny sy ny vadiny aman-janany ary ny vahoaka rehetra tao Iliolava sy ny manodidina koa izy, ka nanao hoe: "Izao lahy no ambarako aminareo, fa efa ho avy ity ny fodiam-mandry; ary efa antomotra ny andro izay hifindran' Ibonia, ka handeha amy ny lalam-palehan' ny miankandrefam-baravarana Inabo; fa izany no tonon' andro tsy mahalehilahy. Fa ny tany no fodiam-pisehoana; ary Inabo tsy mba izay milevin-ko-lo, fa izay ambolen-kaniry: maty andro ka velon' alina. Ary ho avy ity izay hodiant' Inabo; koa izao lahy no hafatra ataoko aminareo: Voalohany indrindra: indro ny fanambadiana. Na iza ho andriana, na iza ho mpanjaka, na iza ho mpanapaka, na iza ho mpiteny—aza mba misy manaha ny fanambadian' olona; fa ny lalam-panambadiana mahafaty, ka aza mba sarahina (izany anatra izany, hono, no nahamafy ny fanambadiana). Ary faharoan' izany

koa: tandremo, fa hiova anarana aho; fa ny anarana ety an-tany tsy enti-mody any an-danitra; fa vaovao ny zavatra rehetra eo anatrehan' Andriamanitra any an-danitra; fa masy Raikobe; ary izao no ho anarako: Ifotroakilatany, Itaniloakoaby, Imingodonareninilavitra."

Ka mihainoa hianareo; fa raha misy kotroka, dia hitomany ny lanitra, ary hipotraka ny mahetsaka (orana); koa dia mitomania hianao, Rasoabemanana, fa izaho Imingodonareninilavitra zanakao izay." (Izany, hono, no nisehoan' ilay ataon' ny olona hoe: "Andro mahory vavi-antitra izany" (raha mikotroka ny andro). Ary nony tonga ilay telo taona nataon' Ibonia hoe: "ho faty aho raha afaka telo-taona;" dia maty izy.

(Natao amy ny teny fohy hiány no nanoratana ny angano milaza any Ibonia amin' ity taratasy ity, fa lava noho izao izy, raha tantaraina am-bava avokoa.)

2.—IBONIA.

(Avy any Vakinankaratra ity.)

Nisy, hono, olona mirahavavy tsy nanan-janaka, ka dia lasa nanao sikidy tany amin-dRatobòkoka. Nony tonga tao aminy izy, dia hoy Ratobòkoka: "Inona no alehanareo aty?" Dia hoy izy mirahavavy: "Tsy miteraka izahay ka hanao sikidy aty aminao." Dia hoy Ratobòkoka: "Izahao ary ny haoko." Dia nizaha ilay zokiny ka nahita tapak' ahitra. Dia hoy razazavavy: "Tsy nahita aho, ry neny, fa tapak' ahitra ity." Dia hoy Ratobòkoka: "To' aty (omco aty), fa izay no izy." Dia nizaha indray ilay zandriny ka nahita tapak' ody kely mena; dia hoy izy tamin-Ratobòkoka: "Tsy nahita aho, ry neny, fa tapak' ody kely mena ity." Dia hoy Ratobòkoka: "To' aty, fa izay no izy." Ary nony efa vita izany, dia hoy Ratobòkoka: "Mandehana hia-

nareo ho any amin' irỳ ala atsinanana irỳ; ary raha tonga eny hianareo, dia samy hiteny ny hazo hoe: 'Izaho no masin' odi-zaza;' nefa aza miteny hianareo noho izany, fa izay hazo anankiray tsy miteny arỳ amy ny farany arỳ no alao, ka izay fakany miantsinanana no alao." Dia lasa izy mirahavavy. Ary nony tonga teo amy ny ala izy, dia samy miteny ny hazo hoe: "Izaho no masin' odi-zaza" (mahatonga ny momba hiteraka). Nefa, na dia izany aza, dia nolalovan' izy mirahavavy hiany izany. Ary nony tonga tany ny anankiray tsy miteny izy, dia nohadiny ny hazo, ka nahita ny fakany anankiray niantsinanana izy, dia izany no nentiny. Ary nony mby teny an-dàlana izy mirahavavy, dia nivoady hoe: "Raha miteraka lahy sy vavy (ny iray mitera-dahy, ary ny iray mitera-bavy) isika, dia hampivadina." Ary nony tonga tany an-tanànan' izy, dia samy nisetro hiany. Dia nanan' anaka ilay zokiny; ary nony afaka tapataona indray, dia nanan' anaka koa ilay zandriny. Ary nony tonga ny andro hahaterahany, dia mitera-bavy ilay zokiny, ary ny anarany nataony hoe: Rasoamananoro (na Rampelasoamananoro). Ary tonga indray ny fotoana hiterahan' ny zandriny, dia nankeo atsimom-patana izy hiteraka ny zanany; nefa miteny, hono, ny zaza tao an-kibo, ka nanao hoe: "Tsy andevo aho, ka ho entina etỳ atsimom-patana;" dia nentin-dreniny nankeny avara-patana indray. Fa hoy izy: "Tsy andriana aho ka ho entina etỳ avara-patana." Dia nentin' ny reniny ho any am-batra;* nefa hoy izy: "Tsy tia kibokiboka (mahasetroka) aho." Ary nony ela, dia hoy izy: "Ataovy be ny afon-kitai-hazo." Dia natao izany. Dia hoy indray izy: "Itelemo antsy aho, ka ento hankeo andrefam-patana." Dia nentina nankeo izy. Ary nony tonga teo, dia notatahany tany ny antsy izay natelin-dreniny, ny kibon-dreniny, ka dia nitsambikina tao anati-afò, ilay mirehitra tsara iny, izy (rehefa notchafiny ny fery izay notatahany tany ny kibon-dreniny, dia sitrana ny fery voadidy). Dia namonjy azy ny ray aman-dreniny, fundrao maty ny zaza, satria nankao anati-afò; nefa nony narosony ny tanany handray azy,

* Am-batra=am-bata.

dia tapaka ka tsy naharay azy, dia naroso indray ny tongotra, fa nanao toy izany koa.

Ary nony ela, dia miteny ny zaza hoe: "Omeo anarana aho." Dia hoy rainy: "Fozanatokondrilahy angaha hianao; fa izany lehilahy izany dia reko fa olona matanjaka." Nefa tsy tian' ny zaza izany. Dia nanao anarana hafa indray rainy ka nanao hoe: "Ravatovolovoay angaha; fa izany lehilahy izany dia reko malaza noho ny heriny." Fa tsy tiany koa izany. Dia vao nanao ny anaran' ny tenany izy (dia ny zaza) hoe: "Izaho no Iboniamasy (masina), Iboniamanoro: manoro tany, manoro fanjakana (manorotoro); an-tendron-tandrony, tsy voasoitra (voatoto), ambanin' ny kitrony, tsy voahitsaka; am-para-vazany, tsy voatsako. Miandra aho, vaky ny lanitra; ary miondrika aho, mitriatra ny tany. Ny lambako, raha avalona, dia eran-tànan' ila; nefa, raha velarina, manakona ny lanitra,—ary raha akopaka, dia hoatry ny elatra. Ny salakako, raha ahonana, hoatry ny totohondry, fa raha vahana, manodidina ny riaka;—ny lelany (raha isalakana) manintsana ando, ary ny rambony mifaoka ny vato. Aky! izaho lahy no Iboniamasy, Iboniamanoro." Ary nony vitany izany, dia niala teo anati-afò izy, ka nankeo am-pofoaan-dreniny.

Ary nony efa lehibe izy, dia nanana alika izay natao hoe Rampelamahavatra. Indray andro, raha nihaza tany an-tsaha izy, dia tonga ilay olona malaza natao hoe Fozanatokondrilahy hitady any Ibonia, ka nanontany ny ray aman-dreniny hoe: "Nankaiza moa Ibonia?" Dia hoy izy: "Lasanilalao any an-tsaha (any an-ala) izy." Dia nentin' Ifozanatokondrilahy ny alikan' Ibonia, fa tsy nahasakana izany ny ray aman-drenin' Ibonia. Ary nony niverina avy tany am-pihazana izy, dia nanontany ny ray aman-dreniny hoe: "Nankaiza moany alikako?" Dia hoy ny ray aman-dreniny: "Lasan' Ifozanatokondrilahy." Dia hoy izy: "Handeha haka ny alikako aho, ry ikiaky." Fa tsy navelan' ny rainy izy, fa hoy izy: "Ny mamba any anati-rano anie, anaka, alain' Ifozanatokondrilahy, ka azony, ka ataonao ahoana no fiady aminy, ka tsy hataony mahita angano (mahita loza) hianao!" Ary nony efa tsy